



**FIANGONANA PROTESTANTA MALAGASY ATY AN-DAFY**

**FPMA Yvelines FAHAZAVANA**

**Alakamisy Masina 14 Aprily 2021**

***Mitarika ny biraom-piangonana***  
***Mitory teny: RANDRIAMANANTENA Théodore mpitandrina***

**Hisy ny fanasan'ny Tompo**

***Feon-javamaneno -Prélude***

***Mpitarika:*** Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina !

***Fiangonana:*** Amena!

**Teny fanombohana /Accueil**

**Fiderana /Louange: Sal 69, 20 – 37.**

Ny latsa dia nanorotoro ny foko ka reraka indrindra aho; ary niandry antra aho, fa tsy nisy, sy mpanony fa tsy nahita.

Fa zava-mangidy no nomeny ho haniko; ary vinaingitra no natolony ahy hosotroina, raha nangetaheta aho.

Aoka ho fandrika ho azy ny latabany eo anoloany; eny, ho tonta ho an'ny tsy manana ahiahy.

Aoka ho jamba ny masonry mba tsy hahita; ary ampangozohozoy mandrakariva ny valahany.

Aidino aminy ny fahatezeranao; ary aoka hahatratra azy ny firehetan'ny fahaviniranao.

Aoka ho foana ny tobiny; aza avela hisy hitoetra ao an-dainy.

Fa izay nasiana no nenjehiny; Ary ny fahararian'ny voatsindronao dia lazalazainy.

Aoka hiampy ny helony; ary aoka tsy hiditra amin'ny fahamarinanao izy. Aoka hovanoina tsy ho eo amin'ny bokin'ny velona ny anarany, ary aoka tsy hosoratana eo amin'ny marina.

Fa izaho dia ory sy mahantra, Andriamanitra ô; aoka ny famonjena no hanandratra ahy.

Hankalaza ny anaran'Andriamanitra amin'ny fihirana aho, ary hidera Azy amin'ny fisaorana. Fa ho sitrak'i Jehovah Izany mihoatra noho ny vantotr'ombilahy, izay manan-tandroka sady mivaky kitro.

Hahita izany ny mpandefitra ka ho faly; aoka ho velona ny fonareo, ry mpitady an'Andriamanitra. Fa mihaino ny malahelo Jehovah, ary ny olony mifatotra tsy mba hamavoiny. Aoka hidera Azy ny lanitra sy ny tany, ny ranomasina sy izay rehetra mihetsika ao aminy. Fa Andriamanitra hamonjy an'i

Ziona sady hanangana ny tanànan'ny Joda; ary hitoetra ao ny olony ka ho tompony; Dia handova azy ny taranaky ny mpanompony; ary hitoetra ao izay tia ny anarany.

**Hira: 170 /1, 2 “Ry Jeso ny fitiavanao”**

**Vavaka fihaonana / Prière de louange**

**Feon-javamaneno**

**Vavaka fifonana / Prière de confession des péchés.**

**Feon-javamaneno.**

**Vavaka famelan-keloka / Prière de pardon et d’alliance.**

**Gloria**

**Mpitarika : Voninahitra ...**

**Hira 515/ 2 “Tsara làlana Jeso ô!”**

**Soratra Masina – Lectures bibliques**

**Vavaka alohan’ny teny - Prière d’illumination**

**Vakiteny Vaovao mahafaly – Bonne nouvelle : Mat 16.17 - 20**

Ary tamin'ny voalohan'ny andro fihinanana mofo tsy misy masirasira dia nankeo amin'i Jesosy ny mpianatra ka nanao hoe: Aiza no tianao hamboarinay hihinananao ny Paska? Ary hoy Izy: Mankanesa any an-tanàna ho any amin-drarahilaha, ka lazao aminy hoe: Hoy ny Mpampianatra: Efa akaiky ny fotoako; koa ato aminao Aho sy ny mpianatro no hitandrina ny Paska. Ary ny mpianatra dia nanao araka ny nasain'i Jesosy nataony ka namboatra ny Paska. Ary nony hariva ny andro, dia nipetraka nihinana Izy mbamin'ny mpianatra roa ambin'ny folo lahy.

**Hira: 515 FFPM and 3 “Tsara vatsy ry Jeso ô!”**

**Toriteny /Prédication :**

**Mat 16.17-20 « Ny Fanasan’ny Tompo »**

**Hira 499 /1 “Inona re no atakaloko”**

**Fanekem-pinoana N°1 - Confession de foi N°1**

**FANASAN’NY TOMPO/SAINTE CENE:**

**Antema 1 “Masina” , 107/1 ; 254 “Avia ry mangetaheta ô”**

**Hira: 266 “*Ry Jeso Tompo Ianao*”**

**Vavaka fisaorana sy fangatahana:**

**Raharahan’ny Fiangonana / Annonces.**

**Hira: 48 FF and 1 “*Andriamanitra Fitiavana*”**

**Hafatra – Exhortation / Tsodrano – Bénédiction**

**Hira: 48 FF and 2**

***Mpitarika:*** Voninahitra ho an’Andriamanitra, Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, Izay hatramin’ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

Mandehana amin’ny fiadanan’ny Tompo.

***Fiangonana:*** Isaorana anie Andriamanitra. Amena!

***Feon-javamaneno (Postlude)***

**Firavana**